

Andriamanitra Manana ny Maha-izy Azy

Ny vatako dia ho an'ny Tompo, ary ny Tompo dia ho an'ny vatako.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries and Valerie Du Plessis

Efa mpampianatra tao amin'ny an-jery manontolo lehibe indrindra any Britanika aho taloha, ary nahazo diplaoma sy mari-pahaizana samihafa. Amin'ny fomba maro, dia tena be pitsopitsony aho — ara-tsaina. Saingy tsy mahatsiaro ho ambany ara-tsaina mihitsy aho raha milaza fa mino ny fitantaran’ny Baiboly momba ny famoronana aho. Talohan’ny ninoana ny Baiboly, dia nianatra loharano maro hafa izay nanandrana nanazava ny niandohan’ny olombelona aho, nefa hitako fa tsy nahafa-po azy ireo. Matetika, dia nifanohitra amin’ny hafa izy ireo. Niverina nianatra Baiboly aho avy eo — tsy tamin’ny naha-mpino ahy, fa tamin’ny naha-filosofia matianina. Nieritreritra aho anakampo hoe, fara faharatsiny, tsy ho adala noho ny zavatra hafa reko! Fahagagana ho ahy ,fa fantatro ny valiny ao amin’ny Baiboly.

Ao amin'ny Genesisy, dia mamaky fanambarana, fohy sy tsotra isika. Manomboka amin’ny hoe, “Ny Tompo Andriamanitra” — izany hoe, “Jehovah Andriamanitra” — ny anaran’Andriamanitra manokana. Io teny io dia milaza amintsika fa Andriamanitra manokana dia namorona olona manokana ho an'ny fiombonana manokana.

> “Ary vovo-tany no namorona [namolavola]n'i Jehovah Andriamanitra ny olona, ary nofofoniny fofonaina mahavelona ny vavorony; dia tonga olombelona izy [fanahy].” (Genesisy 2:7)

Hitantsika eto ny firaisana ao amin’Andriamanitra masina, fofonaina mandrakizay avy any ambony miaraka amin’ny vatana tanimanga avy any ambany, novolavolain’ny tanan’ny Mpamorona. Ny firaisana avy amin’ny fanahy avy any ambony sy ny tanimanga avy any ambany dia niteraka olombelona velona manokana— izay afaka miombona amin’ Andriamanitra manokana, velona

Misaotra Anao, Tompo ô, noho ny amin’ny Fanomezanao ny tenako. Manambara aho fa Andriamanitra manokana no nahary ahy ho amin’ny fiombonana manokana-ary ny

© 2008 - Dries Du Plessis

tenako dia ho an'ny Tompo, ary ny Tompo dia ho an'ny tenako, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-078-MLG
Nohavaozina farany: 02 Nov 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

